**COMMUNIQUE DE PRESSE**

**-**

# Madagascar adopte une nouvelle Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC)

Antananarivo, le 31 janvier 2025 – Monsieur NTSAY Christian, Premier Ministre, Chef du Gouvernement, a officiellement présenté aujourd'hui la nouvelle Stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption (SNLCC) 2025-2030 de Madagascar, marquant ainsi une étape décisive dans la lutte contre ce fléau.

La lutte contre la corruption a été érigée en priorité absolue par S.E.M. le Président de la République, comme en témoigne son engagement à travers la Politique Générale de l'État.

Au cours des dernières années, le Gouvernement et les organismes étatiques ont déployé d'importants efforts pour réduire la corruption. Parmi les initiatives notables, on peut citer : la digitalisation du budget de l'État, l'application de procédures rigoureuses pour le recrutement d'ambassadeurs et de ministres, la lutte contre les infrastructures fantômes ayant entraîné des décaissements injustifiés, le renvoi immédiat de responsables pris en flagrant délit de corruption, la législation sur le recouvrement des avoirs illicites, les réformes sectorielles, comme pour le secteur or, ainsi que la mise en place de procédures digitalisées pour la gestion des agents de l'État. D'autres réformes incluent l'amélioration de l'accès au numérique et à l'information (open data), l'installation de scanners à l'aéroport international d'Ivato, le « 100% scanning » aux ports de Mahajanga et Toamasina, l'instauration de déclarations électroniques pour les formalités de dédouanement et la création de la plateforme e-hetra pour les déclarations fiscales.

Cette nouvelle stratégie s'inscrit dans la continuité des actions déjà menées par l'État et vise à faire de Madagascar, à l'horizon 2030, « une île où les réseaux de corruption et l'impunité ne freinent plus le développement durable. »

La SNLCC 2025-2030 repose sur trois objectifs stratégiques, neuf effets attendus et vingt-six sous-effets d'actions stratégiques pour atteindre chaque effet. Les trois axes stratégiques sont :

1. Mettre fin à l'impunité ;
2. Favoriser une approche multi-acteurs, renforcer les partenariats et la synergie dans la lutte contre la corruption ;
3. Promouvoir une culture d'intégrité partagée par tous.

Concernant sa mise en œuvre, cette nouvelle stratégie recommande un dispositif de pilotage copiloté par la Primature et le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI). Ce dispositif de pilotage sera chargé d'approuver les plans d'action annuels et de proposer des mesures correctives adaptées, si nécessaire.

Un cadre de suivi-évaluation approprié accompagnera le plan de mise en œuvre, permettant ainsi de mesurer l'efficacité de la stratégie et du plan d'action dans un cadre de référence clair. Un rapport annuel sur l'avancement de la mise en œuvre sera présenté aux autorités et rendu public.

Toute personne peut consulter la SNLCC 2025-2030
en cliquant sur ce QR code.

**FAMPITAM-BAOVAO**

Antananarivo, ny 31 Janoary 2025 – Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, dia nanolotra tamin’ny fomba ofisialy androany ny Paikadim-pirenena vaovao Iadiana amin’ny Kolikoly (SNLCC) 2025-2030 ho an'i Madagasikara. Nanamarika dingana lehibe amin'ity ady amin'ny ady amin’ny Kolikoly ity tokoa.

Napetrak’Andriamatoa Filohan’ny Repoblika ho laharam-pahamehana tokoa mantsy ity Ady amin’ny Kolikoly ity, ary porofo ny nampidirana azy tao anatin’ny Politika An-kapoben’ny Fanjakana.

Nandritra ny taona maro, arak’izany, ny Governemanta sy ny rafi-panjakana isan-tsokajiny dia nanao ezaka lehibe tamin’ity Ady amin’ny Kolikoly ity. Anisan'ireo hetsika nisongadina nandritra izany : ny fanamafisana ny fitantanana ny teti-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny nomerika, ny fampiharana ny fomba fiasa henjana amin'ny fanendrena ny ambasadaoro sy ny minisitra, ny ady amin'ny fotodrafitrasa sandoka nefa nanaovana ny famoaham-bola ara-dalàna, ny fanesorana sy fandroahana tsy ho mpiasam-panjakana avy hatrany ireo tompon'andraikitra tratra nanao kolikoly, ny lalàna momba ny famerenana amin’ny Fanjakana ny Harena azo tamin’ny tsy ara-dalana, ny fanatsarana eny anivon’ireo seha-pihariana isan-karazany toy ny eo amin’ny sehatry ny volamena ary ny fametrahana fomba fiasa manaraka ny lamina nomerika amin'ny fitantanana ny mpiasam-panjakana. Ankoatr’izany, ny fanavaozana hafa dia nahitana ny fanatsarana ny fahazoam-baovao sy ny fampiasana ny teknolojia nomerika (open data), ny fametrahana « scanner » eny amin’ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato, ny « 100% scanning » eny amin’ny seranan-tsambon’i Mahajanga sy Toamasina, ny fampidirana ny fanambarana elektronika momba ny famoahana entana ary ny fampiasana ny e-hetra amin’ny fanambarana hetra.

Ity Paikady vaovao ity dia novolavolaina ho fanohizana ny ezaka efa nataon’ny Fanjakana amin’ny Ady amin’ny Kolikoly isan’ambaratongany ary mikendry ny hanova an'i Madagasikara, amin'ny taona 2030, ho « nosy hanjakan’ny fahitsiana, ka tsy ho sakana amin'ny fampandrosoana lovainjafy intsony ny tambajotran’ny kolikoly sy ny tsimatimanota. »

Ny SNLCC 2025-2030 dia miorina amin'ny tanjona stratejika telo, vokatra andrasana sivy ary zana-bokatra sy asa stratejika enina amby roapolo hanatrarana ny vokatra andrasana.

Ireto avy ireo tanjona stratejika telo :

1. Ho foana ny tsimatimanota
2. Hamporisihina ny fomba fiasa mampandray andraikitra ny rehetra, ny fandrindrana ny fiaraha-miasa ary ny fiaraha-mientana amin’ny ady amin’ny kolikoly
3. Miroborobo ny kolontsaina mifototra amin’ny fahitsiana ifampizaran’ny rehetra

Mahakasika ny fanatanterahana azy, ity Paikady ity dia manolo-kevitra ny hananganana rafitra mpitarika iray, izay ny Primatiora sy ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) no hiara-hitarika azy. Ity rafitra mpitarika ity dia ho tompon'andraikitra amin'ny fankatoavana ny Drafitrasa sy ny hetsika hotanterahina isan-taona ary ny fanolorana soso-kevitra fanatsarana raha ilaina.

Ny drafitra fanatanterahana dia arahina drafitra fanaraha-maso sy fanombanana, ahafahana mandrefy ny fahombiazan'ny Paikady sy mitondra fanatsarana miandalana. Hisy tatitra isan-taona momba ny fandrosoan'ny fanatanterahana ny Paikady izay hampahafantarina ireo manampahefana isan-tsokajiny ary ho avoaka mba ho afaka fantarin’ny besinimaro.

Azon’ny rehetra atao ny mamaky ny SNLCC 2025-2030 amin’ny alalan’ny fidirana amin’ity “QR Code” ity.